# 5 Ny FIFANAJANA

## TANJONA

Maneho sy manoritsoritra ny endrika isehoan'ny fifanajana eo amin'ny sehatra sy fotoana samihafa.

## LESONA HOTADIDINA

*Mahay manaja olona fatratra ny Betsileo. Raha miarahaba dia toa miondrika sy mihilana kely, toa mandohalika ho fanomezam-boninahitra ilay hajaina. Ny zokiolona sy ny fotsy volo dia hajain'ny Betsileo fatratra ary toaviny teny sy lolohaviny an-tampon'ny loha. Raha toloran-javatra izy, dia miondrika sy mananty an-tanan-droa ho mari-pisaorana sy fankasitrahana.*

**Max Randria**

**Mitory fifanajana ny fihetsika aseho. Misy koa anefa ny fiteny fampiasa anehoana ny fifanajana isaky ny zava-mitranga :**

- Amin'ny fiarahabana,
- Amin'ny fialan-tsiny,
- Amin'ny fisaorana,
- Amin'ny fanasana na fampandrosoana.

**Zava-dehibe teo amin'ny Malagasy ny fifanajana. Izany no nahatonga azy haneho mandrakariva ny antanan-tohatra amin'ny fifanajana :**

- Ny zanaka manaja ny ray aman-dreny.
- Ny zandry manaja ny zoky.

- Ny entina manaja ny mpitondra.

**Teo amin'ny fiaraha-monina malagasy dia tsy maintsy hita taratra foana ary mi-songadina mialoha ny fifanajana eo amin'ny samy mpiara-belona.**

- Raha miara-misakafo amin'ny ray aman-dreny dia « tsy mitsako alohan'ny vazana ». Izany hoe miandry ny ray aman-dreny handrapaka aloha izay vao mahazo mihinana ny rehetra.
- « Ny vodihena tsy miainga aloha », izany hoe ny tsara natokana ho an'ny andriana na ny zokiolona.
- « Ny vodiakoho » fanajana ny ray aman-dreny ka tsy manan-jo hihinana izany ny zanaka.
- « Ny tso-drano zava-mahery » ka ny zokiolona na ray aman-dreny no mitso-drano ny taranany sy ny zanany.

Araka izany, ny ***fifanajana*** dia ***fahendrena*** itarafana ny fifanomezan-kasina eo amin'ny mpiara-monina. Hita taratra amin'ny alalan'ny ***endrika ivelany*** (fihetsika, fiteny, zavatra fampiasa) izany ary mirakitra soatoavina.

### Sahanasa 1

- Miresaka momba ny inona ity tsianjery ity? Inona avy ireo fihetsika sy teny fampiasa anehoana ny fifanajana voalaza ao amin'ny tsianjery?

1-Raha misy manome
Zavatra ho anao
Kingà miteny hoe
"Misaotra tompoko o"

2- Ny akoho misotro rano
Na be na kely eo
Avia anie tazano
Diniho sy jereo

3- Izay azo no andrandraina
Fisaorana no atao
Rankizy mba misaina
Ambaka ve ianao?

- Rehefa mifanena na mihaona amin'olona dia inona no tokony ho ataontsika voalohany?

- Lazao ny antony mahatonga ny olona hanao izany?

- Milazà fihetsika maneho fanajana fantatrao.

- Manomeza ohabolana roa mikasika ny fifanajana.

**Sahanasa 2**

- Omeo ny teny mifanipa-kevitra amin'ireto teny ireto :

Manaja……………………………

Manan-jo ……………………………

Manan-kasina ……………………………

Miondrika ……………………………

- Hazavao ny hevitry ny hoe "Aza manao mbay lalana an-tsena" ka safidio amin'ireto izay valiny marina :

Aza miresaka rehefa eny an-tsena.

Aza manao ho diso mahalala fomba loatra ka na efa eny an-tsena avy aza dia mbola manao mbay lalana.

Aza mandikandika olona rehefa eny an-tsena.

**Sahanasa 3**

Mitory fanajana ny fihetsika aseho. Misy koa anefa ny fiteny fampiasa anehoana ny fifanajana isaky ny zava-mitranga.

- *Inona avy ary izy ireo ?*

Raha miarahaba olona :

……………………………………………………………………………

Raha miserana eo amin'ny olona :

……………………………………………………………………………

Raha omen'olona zavatra :

……………………………………………………………………………

Raha maniraka olona :

……………………………………………………………………………

Raha eo am-pisakafoana ka misy olona mándalo :

……………………………………………………………………………